



## **AVIS DE LA SIF AUX INVESTISSEURS ETRANGERS ET NATIONAUX SUR L'UTILISATION DE LA TERRE ET L'EXPLOITATION MINIERE A MADAGASCAR**

Face à la multitude de problèmes fonciers rencontrés par la population, entraînée par la promotion des exploitations minières, nous, Plateforme de la Société Civile intervenant dans le foncier, lançons cet avis aux investisseurs nationaux et étrangers dans l'intérêt de tous, surtout pour l'ensemble de la population malgache, source et détenteur du pouvoir sur le territoire de la République de Madagascar (Art. 5 de la Constitution).

Vous, investisseurs, ne devriez pas effectuer directement l'exploitation minière une fois obtenue vos permis miniers sans avoir eu l'accord du propriétaire de terrain. Selon la législation en vigueur, le permis minier ne vaut pas titre de propriété foncière. Ainsi, les permissionnaires ont l'obligation de se contracter préalablement avec les propriétaires du sol avant tout processus d'extraction minière, même pour l'installation des engins nécessaires aux activités y afférentes.

***Les détenteurs de permis miniers sont obligés de contracter en bail écrit avec les propriétaires des sols préalablement à tous les processus d'exploitation-*** Selon le Code minier, les détenteurs du permis minier ont l'obligation de consentir par bail écrit avec les propriétaires du sol avant toutes opérations d'extraction minière (Art. 125 à 126 de la Loi n° 99-022 portant code minier modifiée par la loi n°2005-021 du 17/10/2005)- Les permissionnaires sont aussi obligés d'entretenir une relation de bon voisinage avec l'ensemble de la population dans la localité où se trouve leurs sites d'exploitation et surtout avec les propriétaires du sol et/ou les usufruitiers (Art. 307, 308 et 311 du décret n° 2006-910 du 19/12/2006 portant application du Code minier). A défaut d'accord amiable, c'est le Tribunal compétent qui tranche sur les modalités du contrat de bail (Art. 126 de la Loi n° 99-022 portant code minier modifiée par la loi n°2005-021 du 17/10/2005).

***Les personnes qui occupent du sol et qui ne sont pas munis de « Titre foncier ou du Certificat foncier » pourraient être qualifiées propriétaires d'une parcelle de terre*** - Les législations foncières se succédant, en l'occurrence l'ancienne loi N°60-004 du 15 février 1960, ainsi que celle qui est en vigueur en ce jour, notamment la loi N°2005-019 du 19 octobre 2005, ont encouragé les nationaux malgaches d'occuper et de mettre en valeur les sols. Cette action d'occupation et de mise en valeur de la terre est depuis longtemps protégée par l'ancienne et la nouvelle loi foncière (Article 11 alinéa 2 de la loi N°60-004 du 15 février 1960 ; art. 33 de la loi N°2005-019 du 17/10/2005), car celui ou ceux qui ne mettent pas en valeur leurs terrains sont qualifiés de commettre « un abus de droit de propriété » (Ordonnance 74-021 du 20 juin 1974) et pourraient être expropriés de leurs terres. D'après le régime foncier en vigueur, la détention des preuves de droit de propriété foncière n'est pas obligatoire (Art. 3 de l'ordonnance 60-146 du 03 octobre 1960). Les preuves de droit de propriété foncière sont basées sur l'occupation et la mise en valeur de la parcelle de terre de longue date, qui est reconnue par les membres de la communauté locale. Bon nombre de citoyens malgaches, surtout les ruraux, n'ont pas de preuves écrites de leurs droits de propriété foncière, mais cela ne veut pas dire qu'ils ne sont pas propriétaires de leurs terres. La loi est claire sur la situation de cette catégorie d'occupation, les personnes qui occupent et mettent en valeur depuis longtemps les terrains non titrés, ni cadastrés et ni certifiés sont présumés comme propriétaires de la parcelle qu'elles occupent (Art. 33 de la Loi 2005-019 du 19/10/2005).

***La Constitution, en tant que loi suprême dans la République de Madagascar qui est au-dessus de toutes les lois comme le Code minier, protège le droit de propriété individuelle*** - La Constitution de la République de Madagascar en son article 34 protège strictement le droit de propriété « *L'Etat garantit le droit de propriété individuelle. Nul ne peut en être privé sauf par voie d'expropriation pour cause d'utilité publique et avec une juste et préalable indemnité...* ». Il faut souligner que les exploitations minières effectuées par les investisseurs relèvent avant tout des actions pour la recherche des profits à des fins d'intérêt privé, mais non d'intérêt public. Ainsi, l'exploitation minière



réalisée par des personnes privées, que ce soient morales ou physiques, ne peut être qualifiée d'utilité publique, donc elles ne sont pas adéquates à l'usage de la procédure d'expropriation pour cause d'utilité publique.

***Le non-respect du droit foncier se traduit par un acte de piétinement des droits humains fondamentaux et de la démocratie*** - Faisant suite aux différents arguments cités ci-dessus, nous réitérons que les investisseurs miniers se doivent de faire des recensements des propriétaires de sol avec la participation des populations locales concernées avant toute action touchant la terre. Le Code minier renforce cette démarche. Ainsi, la détention du permis minier ne se traduit pas comme une autorisation d'occuper ou d'appropriier le terrain où se trouvent les substances minières.

Il faut réitérer que selon la Constitution, le pouvoir sur le territoire national de Madagascar vient du peuple et comme nous sommes dans une République Démocratique, la population malagasy a désigné ses représentants à leur place pour diriger le pays dans un objectif de promouvoir l'amélioration des conditions de vie de tous les Malagasy mais non pas de les exproprier de leurs terres (Art. 5 de la Constitution de la IV<sup>ème</sup> République de Madagascar).

Ainsi, tous les agissements qui négligent les droits de propriété foncière se traduisent comme un acte de piétinement des droits humains fondamentaux et de la démocratie.

Antananarivo, le 08 octobre 2016

Le président de la SIF



Sihatra Iombonana ho an'ny Fananan-tany  
Solidarité des Intervenants sur le Foncier

## **FILAZANA ATAON'NY SIF HO AN'IREO MPAMPIASA VOLA VAHINY NA TERA-TANY MAHAKASIKA NY FAMPIASANA NY TANY SY NY FITRANDRAHANA NY HARENA ANKIBON'NY TANY ETO MADAGASIKARA**

Manoloana ireo olona maro samihafa mahakasika ny fananantany sy ny resaka fitrandrahana harena ankibon'ny tany eto Madagasikara, dia manao izao filazana izao izahay vovonan'ny fiarahamonimpireneha misahana ny resaka tany, ho anareo mpampiasa vola vahiny na tera-tany ho tombotsaon'ny rehetra, indrindra fa ho an'ny vahoaka malagasy rehetra tsy ankanavaka izay tompon'ny fahefana sy niandohan'izany (And. faha 5 ny Lalàm-panorenana).

Ianareo mpampiasa vola dia tsy tokony hanao hitsin-dalana sy tsianjery hampiasa sy/na hitrandraka ny tany avy hatrany rehefa nahazo ny fahazoan-dalana avy any amin'ny mpitondra fa tokony hifanaraka amin'ny mponina eny ifotony mialohan'ny asa rehetra ataonareo sy ny fametrahana ny fitaovana hampiasainareo eny amin'ny toerana izay voakasiky ny asa izay hataonareo.

***Tsy maintsy mifanaraka amin'ny tompon'ny tany ireo olona manana taratasy fahazoan-dalana hitrandraka harena ankibon'ny tany mialohan'ny asa fitrandrahana*** – Araka ny voalazan'ny fehezan-dalàna mifehy ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany dia tsy maintsy mifampiraharaha amin'ny tompon'ny tany amin'ny alalan'ny fifanarahana fampanofana an-tsoratra ireo orinasa manana fahazoan-dalana hitrandraka mialohan'ny asa rehetra mahakasika izany (And. 125 ka hatramin'ny 129 ny Fehezan-dalàna momba ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany, Lalàna laharana 99-022 tamin'ny 19 Aogositra 1999 izay novain'ny Lalàna laharana 2005-021 tamin'ny 17 Oktobra 2005). Voadidy ihany koa ireo olona izay manana taratasy fahazoan-dalana hitrandraka harena ankibon'ny tany hitandro ny fifandraisana tsara amin'ny mponina rehetra amin'ny ankapobeny eo amin'ny faritra izay voakasiky ny fitrandrahany, indrindra amin'ny tompon'ny tany izay voakasiky ny fitrandrahana sy/na ireo mpioty ny vokatra eo amin'ireo tany ireo (And. 307, 308 sy faha 311 ny didim-panjakana laharana faha 2006-910, tamin'ny 19 desambra 2006 izay mampihatra ny fehezan-dalàna mifehy ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany). Raha toa ka tsy tanteraka izany fifanarahana izany dia ny Fitsarana mahafa no manapaka izany (And. 126 Fehezan-dalàna momba ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany, Lalàna laharana 00-022 tamin'ny 19 Aogositra 1999 izay novain'ny Lalàna laharana 2005-021 tamin'ny 17 Oktobra 2005).

***Ny olona tsy manana taratasy-tany, toy ny titra sy karatany, dia mety azo lazaina ho tompon'ny tany ihany koa*** – Ny Lalàna nanan-kery izay nifandimby (Lalàna laharana 60-004 tamin'ny 15/02/60) sy izay mihatra amin'izao fotoana diavintsika izao (lalàna laharana 2005-019 tamin'ny 19/10/2005) dia namporisika ny vahoaka hatrany hipetraka sy hampiasa ary hanajary ny tany. Narovan'ny lalàna hatrany izany fiezahana ho an'i Malagasy hampiasa sy hanajary ny tany izany ary voasazy mihitsy aza izay tsy mampiasa ny taniny (Didy hitsivolana laharana 74-021 tamin'ny 20 Jona 1974). Araka ny voalazan'ny Lalàna nanan-kery dia tsy an-tery ny fitazonana ny taratasy manaporofa ny maha-tompony ny tany (And. 3 didy hitsivolana 60-146 tamin'ny 03 Oktobra 1960). Ny fototry ny fanaporofaana ny fananantany rahateo dia miorim-paka amin'ny alalan'izay fipetrahana sy fanajariana ny tany nandritran'ny fotoana maharitra, izayhamarinin'ny mpiara-monina. Maro amin'ny olona no tsy manana taratasy manaporofa maha-tompony ny tany, indrindra fa ireo mipetraka eny ambanivohitra. Mazava ny voalazan'ny lalàna fa ireny olona efa nipetraka sy manajary ny tany ireny izay mbola tsy nisy taratasy (titra na karatany) dia efa nosokajian'ny Lalàna avy hatrany ho tompony (And. 33 lalàna laharana 2005-019 tamin'ny 19/10/2005).

***Ny Lalàm-panorenana, izay Lalàna fara-tampony eto amin'ny Repoblikan'i Madagasikara izay eo ambonin'ny fehezan-dalàna momba ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany sy ny lalàna rehetra, dia miaro ny zo fitompoana ny tany*** – Ny zo fitompoana ny fananana, indrindra fa ny fananantany dia arovan'ny lalàna iraisam-pireneha ihany koa, izay nosokajiany ho zon'olombelona, izay nankatoavin'i Madagasikara ary mbola nohamafisin'ny Lalàm-panorenany (And. 34): «...Tsy misy olona afaka esorina amin'ny taniny raha tsy nohon'ny anton'ny filam-bahoaka (utilité publique). Ary raha toa ka misy ity farany dia tsy maintsy omena onitra ny olona nianjadian'izany ». Marihana fa ny fitrandrahana ataon'ny mpampiasa vola amin'ny ankapobeny dia fitadiavana tombom-barotra ho an'ny olon-tsotra fa tsy filam-bahoaka velively, noho izany dia tsy maintsy mifampiraharaha amin'ny tompon-tany ny mampiasa vola ho fanajana izany zo maha-tompony ny tany izany.



***Ny fananana taratasy fazahoana mitrandraka dia tsy midika ho fahazoan-dalana haka sy hibodo ny tanin'olona***

– Noho ireo antony voalaza etsy ambony ireo dia manatitrantitra izahay ny hanaovan'ny mpampiasa vola fanadihadiana lalina izay handraisan'ny mponina eny an-toerana anjara mialohan'ny hampiasana ny tany sy/na ny fitrandrahana ny harena ao aminy mba hanisana ireo olona rehetra manana tany sy mioty ny vokatry ny tany eo amin'ilay toerana hotrandrahana. Ny Fehezan-dalàna mahakasika ny harena ankibon'ny tany dia manamafy izany ao amin'ny andininy faha125 ka hatramin'ny 129. Noho izany ny fananana fahazoan-dalana hitrandraka harena ankibon'ny tany dia tsy midika velively fahazoan-dalàna haka sy hibodo ny tany.

***Ny fanosihosena ny zo amin'ny fananantany dia midika fa nitsakitsahana ny zo fototra maha olona sy ny demokrasia*** – Anterina etoana araka ny voalazan'ny Lalàm-panorenana fa avy amin'ny vahoaka malagasy ny fiandohan'ny fahefana, ary amin'ny maha Repoblika an'i Madagasikara izay miorina eo amin'ny demokrasia dia nifidy olona tamin'ny alalàn'ny fifidianana izy ireo hisolo-tena azy ireo hitarika ny firenena ho amin'ny fampandrosoan'ny fiainany fa tsy ny hanala azy ireo amin'ny taniny (*And. 5 ny Lalàm-panorenana*).

Noho izany ny fihetsika rehetra manosihosy sy tsy manaja ny zo mahakasika ny fizaka-manana ny tany dia midika ho fanosihosehana ny zo fototra maha-olona sy ny demokrasia.

Antananarivo, faha 08 Oktobra 2016

Ny Filohan'ny SIF



# 对于SIF向外国和国内投资者在马达加斯加土地使用和开采的意图

面对众多人口遇到关于土地的问题，通过促进土地的开发，我们参与了土地，在所有的利益里起到了一个建设国内和外国投资者，尤其是公民深灰的平台所有马达加斯加人，源泉和权力持有人在马达加斯加共和国 (宪法，第5条)

你作为投资者，曾取得采矿许可，不直接进行采矿，必须土地所有者的同意。根据法律，采矿许可是不取得土地所有。因此，投资者必须与土地的所有者先签订合同，在任何采矿提取工程之前，即使安装必要的设备，与之相关的活动。

采矿许可持有者有义务与土地所有者事先签订租赁合同在所有的操作流程。根据采矿法，采矿许可的持有人有责任，在任何开采提取活动之前与土地所有者做地面租赁合同主面同意。(法案99-022号第125条到126条通过法案2005-021号 2005年10月17日改性采矿法) 投资者也有义务跟当地所有的人保持良好睦友好关系，特别是与土地所有者或用益物 (法令2006-910号 2006年12月19日第307, 308和311条实施采矿法)。在没有达成协议的情况下，主管法院决定在租赁合同中的条款。(法案99-022号第126条通过法案2005-021号 2005年10月17日改性采矿法)。

占有土地并没有提供《土地或土地》的人也能格一土地的主。土地法律随后，在种情况下，旧法案60-004号 1960年2月15日，以及到目前生效的法律，其中包括法案2005-019号2005年10月19日，鼓励马达加斯加人占有和增加土地。占用和开土地的一个工作早已由旧和新土地法保护 (法案60-004号1960年2月15日第11条第2款；法案2005-019号 2005年10月17日第33条)，因不增加自己的土地有格提交《土地用途》 (命令74-021 1974年6月20日) 并且可以征用他的土地。按照生效的土地土地使用，拘留土地不是制性的 (命令60-146 1960年10月3日第3条)。土地所有的依据是基于土地的占用和土地的定期开发，由当地社区成。多市民马达加斯加，尤其是民，他自己的土地所有没有面明，但是，并不意味着他没有自己的土地所有者。法律是一土地占用的情况清晰，占有和定期的增加土地没有土地，没有土地登记，也没有被其他占用土地的主人推 (法案2005-019号 2005年10月19日 第33条)

在马达加斯加共和国宪法是最高法律，高于一切法律作为采矿，保护个人利益的。马达加斯加共和国宪法在其第34条格保护《本国保障个人利益的。没有人可以被剥夺除非征用公共利益在公正和之前。。。》。必须的是，投资者行的采矿工作，主要是他的利益利息的目的，而不是公共利益。因此，由私人行的挖掘，无论是法人或自然人，不能格公共利益，因此他不能足使用征用程序公共利益。

不遵守土地法表示基本人践踏行为和民主。响于上述的各种参数，上面提到的各种争，我重申，触摸土地之前，投资者需要普土地所有者与当地居民的有关参与采矿守加了行一方。采矿许可的拘留并不意味着可占用或有采矿物的土地。



根据宪法，必须重申，马达加斯加国家土地力量来自于人民，因为马达加斯加是一个民主共和国，马达加斯加居民已任命其代表在自己的胃口，奔跑全国以全体马达加斯加人的生活条件的改善的胃口，但不是征用他的土地。

因此，所有的失行土地所有的利体其本人践踏全行和民主。

塔那那利佛，2016年10月8日

SIF 裁